## ANDRAIKITRY NY TSIRAIRAY HO FISOROHANA NY FIFINDRAN'NY ARETINA

- **Ho an'ny mpiasan'ny abatoara :**
  - Manaraka ny fepetra fiarovana amin'ny fanarahana ny fenitra amin'ny fahasalamana sy ny fidiovana,
  - Mampilaza amin'ny tompon'andraikitra raha misy tranga hafahafa mahazo ny mpiara-miombon'asa.



- **Ho an'ny mpivaro-kena:**
  - Manaraka ny fepetra fiarovana amin'ny fanarahana ny fenitra amin'ny fahasalamana sy ny fidiovana,
  - Mivondrona ao anaty fikambanana :
    - *hanamorana ny fifandraisana amin'ireo tompon'andraikitra isan'ambaratonga*
    - *hanamorana ny fampiharana ny fenitra ara-pahasalamana sy ara-pidiovana eo amin'ny asa fivarotan-kena.*



## HAFATRA

*Ry mpiasan'ny abatoara sy mpivaro-kena, tompon'andraikitra amin'ny fiantohana hena azo antoka ara-pahasalamana ho an'ny mpanjifa ianareo.*

Noho izany :

**Fehezo ny fomba fifindran'ny aretina tsy hampiely azy.**

**Araho ny fenitra amin'ny famonoana sy fikarakarana ny hena.**

**Araho ny fenitra amin'ny fividianana sy ny famonoana biby ary ny fivarotana azy.**

**Mampiasà mandrakariva fitaovam-piarovana mandritra ny fikarakarana, ny fitaterana ary ny fivarotana hena.**



- **Raha mila fanampim-panazavana dia manatòna ny veterinera na ny tobim-pahasalamana akaiky anao indrindra.**
  - ☞ Direction des Urgences et de la Lutte contre les Maladies (DULM - MINSANPFPS)
    Dr RAOELINA Yolande - Tél : 032 04 476 59
  - ☞ Service de Lutte contre les Maladies Animales de la Direction des Services Vétérinaires (DSV - MAEP)
    Dr BIARMAN Marcellin - Tél : 033 12 356 16
    Dr FENOZARA Peter - Tél : 033 11 698 19

MINISITERAN'NY FAHASALAMANA SY NY FANDRINDRANA NY FIAINAM-PIANAKAVIANA
MINISITERAN'NY FAMBOLENA, NY FIOMPIANA ARY NY JONO

# ADY AMIN'NY FIRONGATRY NY VALAN'ARETINA **FIEVRE DE LA VALLEE DU RIFT (FVR)**



# FOMBA FIAROVANA NY MPIASAN'NY ABATOARA SY NY MPIVARO-KENA AMIN'NY ARETINA "FIEVRE DE LA VALLEE DU RIFT" (FVR)

MINSANPF

Organisation mondiale de la Santé

## INONA NO ATAO HOE FIEVRE DE LA VALLEE DU RIFT na FVR ?

Ny **"Fièvre de la Vallée du Rift"** na FVR dia valan'aretina mpahazo ny omby, ny ondry, ny osy ary mifindra amin'ny olona :

- amin'ny alalan'ny fikasihana ny rà sy ny taovan'ireo biby ireo.
- avy amin'ny kaikitry ny moka nanaikitra biby marary.

**1979** : hita voalohany teto Madagasikara tany amin'ny alan'i Perinet, Moramanga.
**1990-1991** : niseho fanindroany ary nahafaty olona sy biby fiompy.
**2007-2008** : niseho fanintelony io valan'aretina io ary nahafaty olona sy biby fiompy ihany koa.





## AHOANA NY FISEHON'IO VALAN'ARETINA IO ?

☞ **Amin'ny biby:**

- Fanaviana
- Fahalain-komana
- Faharerahana
- Fihenan'ny ronono
- Matetika fahafahan'anaka sy fahafatesana

☞ **Amin'ny olona:**

- Fanaviana
- Manakotsako ny nofo sy ny vanin-taolana
- Aretina an-doha
- Matetika fahaverezan-drà mitarika fahafatesana.

## AHOANA NY FIFINDRANY AMIN'NY MPIASAN'NY ABATOARA SY NY MPIVARO-KENA ?

☞ **Amin'ny alàlan'ny fikasihana mivantana ny rà:**

- Eo am-pikarakarana sy fandrasana biby matin'aretina indrindra rehefa:
  - mandatsa-drà,
  - manombi-kena,
  - manendaka ny hoditra,
  - mandrasa ny hena,
  - manala ny taovany.
- Rehefa mitatitra ny hena,
- Rehefa mivaro-kena.

☞ **Eo am-pandevenana na eo am-pandorana ny biby matin'ny aretina raha misy tsiranoka na rà mivoaka avy amin'ilay biby maty.**

☞ **Amin'ny alàlan'ny rivotra fohana.**




## INONA NO ATAO HO FIAROVANA ?

- Manaraka tsara ny fenitra amin'ny fahadiovana sy ny fahasalamana :

**1. Amin'ny vatana**

***Hiarovana amin'ny piti-drà :***

- manao aro-vava, aro-tànana, baoty, aron'akanjo tsy tantera-drano,
- midio tanteraka amin'ny rano sy savony rehefa vita ny asa,
- rakofana lamba tsy lena ny vatana raha entina am-babena ny hena,
- lafihana lamba tsy lena madio ny sarety, na posy na fiara mpitatitra hena ary sasana avy hatrany ny lafika avy nampiasaina.



**2. Amin'ny hena :**

- ahantona ny hena hitsika tanteraka ny rà,
- hena azo antoka, fanta-piaviana sy voatsaran'ny veterinera no vonoana na amidy.

**3. Amin'ny abatoara**

- Asiana tahirin-drano maharitra ho fidiovana sy fanasana ny fitaovana
- sasàna isaky ny avy mamono biby iray ny fitaovana ampiasaina,
- Midio tsara amin'ny rano sy savony aloha sy aorian'ny asa,
- Asiana fanariam-pako ary ariana isan'andro ny fako,

**4. Amin'ny fivarotan-kena :**

- Latabatra azo sasàna no ivarotana hena,
- Trano manara-penitra mifanaraka amin'ny toe-tany no aorina
- Asiana fanariam-pako ary ariana isan'andro ny fako.



***Mety miseho mandavan-taona ny valan'aretina FVR fa mirongatra kosa rehefa be loatra ny rotsak'orana.***

***Ireo mpiasan'ny abatoara sy ny mpivaro-kena no mora tratran'ny aretina FVR raha tsy mitandrina noho ny fifampikasohany mivantana amin'ny biby sy ny ràny***

***Ny fanarahana antsakany sy andavany ireo toromarika ireo no miantoka ny fahasalaman'ny tsirairay.***